MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE
SECRETARIAT GENERAL
DIRECTION GENERALE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
**DIRECTION DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR**
Service d'Appui au Baccalauréat

BACCALAUREAT DE L'ENSEIGNEMENT GENERAL
SESSION 2013

A

**Série** : A
**Code matière** : 005
**Epreuve de** : MALAGASY
**Durée** : 03 heures 30 minutes
**Coefficient** : 4

**<u>LAZA ADINA I</u>** : TSY MAINTSY ATAO (Isa 6)

1 - Manomeza lahabolana am-bava telo (03) ka lazao ny faritra mpanao azy. **(Isa 3)**

2 - Inona avy ireo toko telo mahamasa-nahandro ny literatiora ? **(Isa 3)**

**<u>LAZA ADINA II</u>** : ISAFIDIANANA NY A SY B **(Isa 14)**

## A - <u>FAMAKAFAKAN-KEVITRA</u>

Fomba fiteny ny hoe : "Ny manao soa tsy mahafaty fa ny manao ratsy enjehin'ny ataony".

Fakafakao.

## B - <u>FANADIHADIANA LAHATSORATRA</u>

IZA...?

Ilay mahita ny tsy hitan'
ny sarambaben'ny olona...
Ilay mahatsapa ny tsy tsapan'
ireo mihevitra ho mpitolona...
Ilay miaina ny tsy iainan'
ny indraimihira aminy...
Ilay miaritra ny tsy aritry
ny maro amin'ny taniny...
Ilay maheno ny tsy henon'
ny mpisambotra vaovao...
Ilay mitsinjo ny tsy tsinjon'
ny olo-maro toa anao...
Ilay mandre ny tsy renesin'
ny izao tontolo izao...
Ilay hafa nefa tsy hafa
Fa ianao dia ianao...?
Ny mpanoratra.

Nalisoa RAVALITERA, 28-02-88 in Sandrâtra amboara voalohany, takila faha-05.

Hadihadio io lahatsoratra io.